# Vavaka firaisana amin'Andriamanitra

Inona moa ilay vavaka firaisana amin'Andriamanitra?
Miainga amin'io fanontaniana io, no entinay mampahafantatra anareo ny vavaka noforonin'i Don Amilcare Boccio sy naeliny hatramin'ny taona 1912, fony izy mbola seminarista tao Stazzano.

Noho ny fisarihan'ny Fo Masin'i Kristy tamin'ny fomba mahery, dia nanapa-kevitra i Amilcare, ka hanomboka "Fikambanana" iray, araka ny niantsoany azy, marihina fa tsy mbola ilay fikambanan'ny masera Zazavavikely, fa fikasana hanao apostolà ara-panahy mifototra amin'ny firaisana amin'Andriamanitra, miaraka amin'ny tanjona hanaparitahana ny fanjakan'ny rariny, fahamarinana, fitiavana sy fiadanana avy amin'ny Fo Masina.

Ity fikasana ity dia tanteraka tao amin'ny "vavaka firaisana amin'Andriamanitra ho an'ny Fandresen'ny Fo Masin'i Jesoa": vavaka fitsaohana, fiderana ary fanolorana ireo asa ataontsika isan'andro amin'ora rehetra, miaraka amin'ny fangatahana fahasoavana sy hatsaram-panahy manokana, ho an'ny tena sy ho an'ny olombelona rehetra.

Vetivety dia nampahafantarin'ity pretra tanora ity an'ireo fikambanan-drelijiozy maro ilay vavaka firaisana amin'Andriamanitra, ary nihamaro hatrany ireo mpikambana tao. Maro ireo eveka no nankatoa io vavaka io. Tamin'ny 1922 no nahazo fankatoavana manokana avy amin'ny Papa Pio XI, niaraka tamin'izany koa ny fanomezan-dalana hahazoana indolzansy.

Hatramin'ny fanombohan'ny fikambanana, dia anisan'ny lovam-panahin'ny fianakaviana vaovaon-drelijiozy ity vavaka ity. Ny Zanakavavikely tsirairay dia mahatsapa ny fiombonana amin'ireo rahavavy rehetra rehefa manolotra an'ity vavaka misandratra any amin'Andriamanitra isan'ora isan'ora ity, ka izay iainana dia manjary ho fanomezam-pitiavana mahatonga ny olombelona rehetra ho heniky ny fitiavan'i Jesoa feno famindram-po.

Ankehitriny, noho ny fanampian'ny Fianakavian'ny Fo Masina, dia niverina ho fanampiana mahomby amin'ny fiainana ara-panahin'ny maro amin'ireo lahika ihany koa ny vavaka firaisana amin'Andriamanitra.

Ireo izay miray amin'Andriamanitra dia lasa fitaovana mahery sy azo itokisana amin'ny fanomanana ny fahatongavan'ny Fanjakany!
Ianareo ihany koa, dia afaka miaraka aminay amin'ity rojom-bavaka sy fanolorana ity.
Azonareo atao ny mijery an'izany vavaka izany ao amin'ny rohy "vavaka firaisana amin'Andriamanitra".

"Niteny tamintsika ny Tompo hoe: mivavaha mandrakariva. Izaho àry dia tsy maintsy miaina ao anatin'ny toe-bavaka. Izany no antony mahatonga ity vavaka firaisana amin'Andriamanitra ity ho fandravonana ny asa rehetra anatiny sy ivelany ho an'Andriamanitra.
Ny vavaka firaisana amin'Andriamanitra, izay aingam-panahy, napetran'izy Tompo tao am-poko tamin'ny andro fitsapana, tamin'ireo andro niheverako ho faharavan' ny nofinofiko ho misionera sy ho martiry, no fitaovana nomen'izy Tompo mba isalorana sy iainana ao anatin'ny toe-panahy mivavaka mandrakariva. (Don Boccio 26 Februoary 1956)

**Tsindrio eto raha te haka ny dikan-teny manontolon'ny vavaka firaisana amin'Andriamanitra ianao.**